


## NY FIFANAJANA EO AMIN'NY SAMY OLONA SY EO AMIN'NY TONTOLO MANODIDINA

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :<br>- ny fifanajana<br>- ny endrika isehoany<br>- ny soatoavina | Ary manana **ity fahaiza-manao ity** :<br>maneho ny fifanajana amina andalan-tsoratra vitsivitsy. |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** maneho ny fifanajana anatina andalan-tsoratra vitsivitsy aho.

**Sary 1**



**Sary 2**



### SAHANASA 1 : MAMAKY TENY AHO

- Dinihiko ireo andian-tsary
- Karohiko ny hevitra fonosiny avy : **inona no hevitra tiana ampitaina ao amin'ny sary 1 sy 2 ?**

IREO NAMOLAVOLA
RAZAFINDRASOA H. B. Olivia - CEG Mampikony ; RAHARIFARAMALALA Liliane - CEG Mampikony (CISCO Mampikony)



## SAHANASA 2 : MITENY AHO / MANORATRA AHO

- Teneniko izay hita ao amin'ny sary : **inona no ataon'ireo olona roa ao amin'ny sary 1 ?**
- **Mariky ny inona ny fifandraisan-tanana ?**
- **Manao inona kosa ilay olona ao amin'ny sary 2 ?**
- **Ireo olona mipetraka, ahoana ny fahitanao azy ?**
- **Inona avy ireo voambolana ampiasaina mba ilazana ny hevitra ampitain'ny sary 1 sy 2 ?**

  → anisan'ny voambolana ampiasaina ny fifanajana
- Iarahana mitady ny hevitry ny teny hoe fifanajana
- **Inona no fifanajana eo amin'ny samy olona sy eo amin'ny manodidina ?**
- Mitady ny endrika ivelany isehoan'ny fifanajana aho : **inona ireo endrika ivelany ireo ? inona ireo fahendrena fonosin'ireo endrika ivelany ireo amin'ny Malagasy ?**
- Mikaroka ny soa azo amin'ny fandalana ny fifanajana aho-
- **Fandalàna izany eo amin'ny samy olona sy eo amin'ny manodidina : inona moa no atao hoe fandalàna ?**
- Soratako eny amin'ny solaitrabe ny hevitra rehetra miseho mba tsy hadino izay hita
- Ataoko ny fandravonana ny lesona :
  - famaritana ny fifanajana
  - fehendrena fonosin'ny endrika ivelany isehoany
  - ny soa azo amin'ny fandalàna ny fifanajana sy ny soatoavina raketiny
- Raisiko anaty kahie izay voasoratra eny amin'ny solaitrabe

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- Inona avy no atao hoe ohabolana, oha-pitenenana ?
- Mitady ohabolana mikasika ny fifanajana aho.
- Mifanakalo hevitra ny mpianatra amin'ny ohabolana iray efa nomena "Aza mitsako alohan'ny vazana".

## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- Mamorona fehezanteny efatra aho
- Mitanisa ny soa azo avy amin'ny fandalàna ny fifanajana aho
- Mamorona fehezanteny efatra mikasika ny fifanajana eo amin'ny samy olona sy ny manodidina aho.



IREO NAMOLAVOLA
RAZAFINDRASOA H. B. Olivia - CEG Mampikony ; RAHARIFARAMALALA Liliane - CEG Mampikony (CISCO Mampikony)